FIANTSOANA FANEHOAM-PAHAVONONANA HO MPIROTSAKA AN-TSITRAPO EO ANIVON'NY DISTRIKA hampiroborobo ny fandraisana andraikitra sy fiaraha-mientan'ny olompirenena amin'ny fanatsaràna ny fanabeazana fototra

1- Fampidirana

Ny tetikasa SCORE dia mikendry « ny fanamafisana ny fandraisana andraikitry ny olompirenena amin'ny fampanjakana ny fangaraharana eo amin'ny fitantanana sy ny fampiasana ny entimanana mba ahafahan'ny ankizy (lahy sy vavy), indrindra ireo ankizy tena marefo hisitraka fanabeazana fototra tsara kalitao » ho tanjona.

Mba hahatrarana izany eo amin'ny rafitra isan'ambaratonga, ny tetikasa SCORE dia miantsoireo mpilatsaka an-tsitrapo eny anivon'ny Distrika iasàny, izay antsoina hoe –TADna Tompon'Andraikitra eo anivon'ny Distrika. Ny TAD dia mpitarika vonona handray anjara amin'ny fametrahana ny mangarahara sy ny tamberinandraikitra sy vonona hiara-hientana amin'ny olompirenena amin'ny fanatsaràna ny kalitaon'ny fanabeazana fototra.Tanjona ny fiantsoana :

Ny fiantsoana TAD na Tompon'Andraikitra eo anivon'ny Distrika dia mikendry ny fahombiazan'ny fanatontosana ny asa fanatsarana ny fanabeazana eo amin'ireo distrika iasany.

2. Iraka sy andraikitry ny TAD

Ny TAD dia mandray anjara amin'ny fanamafisana ny fangaraharana sy tamberinandraikitra , ary ihany koa amin'ny fanamafisana ny fiaraha-mientan'ny olompirenena hanatsarana ny fanabeazana eny ifotony.

Ao anatin'izany izy dia mikendry manokana ny :

- Hahazoan'ny rehetra ny mahazava-dehibe ny anjara toeran'ny FEFFI eo amin'ny sehatry ny fanatsarana ny fanabeazana ka hahatonga azy ireo hiara-hisalahy aminy
- Handraisan'ny mpisehatra rehetra, indrindra fa ny OSC, amin'ny fanatsarana ny fanabeazana amin'ny alalan'ny fizohiana sy ny fanarahamaso ataon'izy ireo
- Hanamafy orina ny FEFFI ahafahan'ny ankizilahy sy ankizivavy, indrindra ireo tena sahirana sy ireo manana fahasembanana, hisitraka ny fanabeazana fototra tsara kalitao

3. Fepetra takiana ho an' ireo vonona hirotsaka antsitrapo ho TAD

- Mpitarika eny anivon'ny fiarahamonina
- Mpitarika mavitrika efa mpirotsaka antsitrapo amin'ny fanantanterahana asa fampandrosoana eo anivon'ny fiarahamonina misy azy
- Vonona hirotsaka an-tsitrapo amin'ny asa fampiroboroboana ny fanabeazana fototra;
- Monina eo amin'ny renivohitry ny distrika iasan'ny tetikasa SCORE
- Nahavita ny kilasy Famaranana farafahakeliny;
- Tsara fitondran-tena sy mahay mifandray aman'olona
- Mahafehy ny NTIC (mail, Facebook, Office, sms, …)
- Manana traikefa amin'ny fitarihana, fampiofanana, adisisika ary fanaovana tantsoroka vondronolona na mpitarika eny ifotony
- Manana traikefa amin'ny fizohiana sy fanarahamaso ny tolotra ho an'ny vahoaka indrindra amin'ny sehatry ny fanabeazana
- Manana traikefa amin'ny fiarahana miasa amin'ny tetikasa SCORE

- Mahafantatra tsara ny olan'ny fanabeazana eo amin'ny distrika misy azy
- Amporisihina ny firotsahan'ny vehivavy sy ny tanora latsaky ny 35 taona.
- Manana tombony kokoa ny mpikambana atolotry ny fikambanana efa niantsehatra na vonona hiantsehatra amin'ny fanatsarana ny fanabeazana, ka efa niasa nandritra ny heritaona farafahakeliny

4. Ny toerana hiasan'ny TAD

Ny TAD dia miantsehatra eny amin'ny Distrika misy ny fonenany, amin'ny iray amin'ireto distrika manaraka ireto,

- AMBOASARY SUD
- AMBOHIDRATRIMO
- AMBOVOMBE – TSIHOMBE
- AMPANIHY OUEST
- ANTANANARIVO AVARADRANO
- ANTANANARIVO-ATSIMONDRANO
- BEKILY
- BETROKA
- MAHABO
- MANANJARY – IFANADIANA
- MORONDAVA
- TAOLANARO
- TOLIARY I – TOLIARA II
- VOHIPENO - MANAKARA

5. Ny fotoana iasan'ny TAD

Ny TAD dia manao ny asa firotsahana an-tsitrapo manomboka ny volana may hatramin'ny volana desambra 2024.

6. Masontsivana hisafidianana ny TAD

Ny fisafidianana ny mpilatsaka an-tsitrapo dia mifototra amin'ireto manaraka ireto :

1	Fonenana eo anivon'ny distrika
2	Fahavononana sy firotsahana
3	Fahaizamanao sy maripahaizana mamaly ny fepetra takiana
4	Fahafahana manatanteraka ny hetsika voalaza etsy ambony
5	Ireo traikefa ananana

7. Atontan-taratasy ilaina :

Ireto avy ny antotan-taratasy ilaina :

- Curriculum Vitae milaza ny mombamomba, ny dingam-pianarana narahiny sy ny traikefa ananany ary fifandraisana mazava sy adiresy (hamarino amin'ny Fanamarinam-ponenana)
- Taratasy fanolorana ataon'ny fikambanana niaviany ho an'izay avy amin'ny fikambanana
- Taratasy fanehoam-pahavononana (lettre de motivation) izay manambara ny antony tokony handraisana azy sy ireo kalitao mampiavaka azy

Ny fara-fandraisana ny antotan-taratasy dia ny **26 Aprily 2024** amin'ny adiresy mailaka : scoreprojet@gmail.com. Marihana eo amin'ny anton'ny mailaka **« SCORE II – AMI TAD – Anaranao feno »**

Ireo voafantina ihany no antsoina hanao dinidinika sy fitsapam-pahaizana.